

NY MPISOLO [*les pronoms*]

Ny « **mpisolo** » dia teny fampiasa ho entina milaza ary misolo anarana amin'ny ankapobeny.

Misy karazany efatra ny mpisolo :











- ny mpisolo toerana (eto, ato, any, arỳ, ...) = [*pronoms locatifs*]
- ny mpisolo manondro (io, ito, ireny, iretsy, ...) = [*pronoms démonstratifs*]
- ny mpisolo manolotra (intỳ, indro, injany, ...) = [*pronoms présentatifs*]
- ny mpisolo olona na mpisolo tena (izahay, ianao, ...) = [*pronoms personnels*]




1.1. Ny mpisolo toerana (eo, ao, eto, ato, etsy, atsy, ...)[*pronoms locatifs*]

Sokajin-teny entina misolo olona na zavatra efa voalaza na vao holazaina.

1.1.a. Raha tsy hitan'ilay olona manontany maso : ato, atỳ, ao, atsy, arỳ, any.











Fanontaniana apetraka : Akaiky sa lavidavitra sa lavitra be ilay olona manontany ve ilay zavtra tondroina?




Varavarana	Efi-trano 1	Efi-trano 2	Efi-trano 3
 Nankaiza ny kiraroko teo ?  Izaho mahafantatra !	 a) Izaho mahita !   e)	 b) Izaho mahita koa !   f)	 d) Izaho koa mahalala !  g)

		
Ao a)	Ato e)	Any g)
Atsy b)	Atỳ f)	
Arỳ d)		

1.1.b. Raha afaka hitan'ilay olona manontany maso : eto, etỳ, eo, etsy, erỳ, eny

Fanontaniana apetraka : Akaiky sa lavidavitra sa lavitra be ilay olona manondro ve ilay zavatra lazaina?

Efi-trano			
	Akaiky	Lavidavitra	Lavitra
 Aiza ny toerako ?	 a) Tonga dia!	 b) na !	 d) na !
	 Ary raha !	Sa !   f)	Aleoka !  g)
	  e)		

		
Eo a)	Eto e)	Eny g)
Etsy b)	Etỳ f)	
Erỳ d)		

1.1.d. Fanazarana

1.1.d.1. Fenoy ny banga

- 1) Lasa nivoaka angaha ianareo ry Soa? Tsia, fa (ato/eto) antrano izahay.
- 2) Lasa (any/eny) ambani-vohitra ry dada sy neny.
- 3) Mijoro (eo/ao) am-baravarana ny mpampianatra miandry ny mpianatra.

- 4) Aiza kay i Lita teo ? (ato/atsy) andakozia aho ry neny.
- 5) Mijery fahita-lavitra (etsy/eto) ambony fandrina izaho sy ny zandriko.
- 6) Mankanesa (ato/erỳ) ambadiky ny trano ery ianareo roalahy.
- 7)(atỳ/arỳ) ambany andrefana ary no misy ny tsena.
- 8) Miakara amin'izay (atỳ/any) ianareo fa hisakafy isika.
- 9) Jereo sao may ny laoka (ao/ao) anaty vilany ao.
- 10) Andraso ... (ao/eo) izy fa hoavy haka anao eo.

1.1.d.2. Fenoy ny fafana

Apidiro ao anatin'ny sokajy misy azy ireto teny ireto : **eto, ato, eo, ao, eny, any, etỳ, atỳ, etsy, atsy, erỳ, arỳ.**

	Akaiky	Tsy dia lavitra	Lavitra be
Hitan'y maso			
Tsy hitan'ny maso			

1.1.d.3. Manaova fehezanteny misy mpisolo.

Ohatra : Misy vorona **atsy**.

.....

.....

.....

.....

.....

.....

.....

.....

1.2. Ny mpisolo manondro (ito, ity, ireto, ireny, ...)[*pronoms démonstratifs*]

Sokajin-teny entina anondroana olona na zavatra efa voalaza na vao holazaina.

1.2.a. Fahazoan-kevitra

« Fotoana fiotazam-boaloboka ». [*Période des vendanges*]

Dadabe : Maraina ny andro rankizy fa mifohaza amin'izay hianareo.

Liva : Manao ahoana i dadabe. Aiza no handeha hioty voaloboka isika androany ?

Dadabe : Hitanareo irỳ tanimboaloboka irỳ ? Eny isika no handeha.

Liva : Ary inona no ao anatin'io baoritra io kay ?

Dadabe : Fitaovana entina mioty voaloboka ireo.

Nenibe : Mba halaivo kely iretsy harona iretsy Liva ah.

Liva : Ireo ve izany ?

Nenibe : Eny anaka ireny indrindra.

Liva : Tsara be ito haron'i nenibe iray ito.

Nenibe : Misaotra anaka.

Dadabe : Aiza ny satrokay sy Liva ry bebe?

Nenibe : Io akaikinao io ny an'i Liva. Ny satrokao indray itsy ambony latabatra itsy.

1.2.b. Ireo karazana mpisolo manondro

	Tokana	Maro	Faobe
Akaiky	ito, ity	ireto	itony
Akaiky tsy voafaritra tsara	io	ireo	
Akaiky somary an-tsisintsisiny	itsy	iretsy	

lavitra fa taza-maso tsara	Irỳ	irerỳ	irony
Lavitra dia lavitra	iny	ireny	

« **ito** », « **ity** » : Enti-manondro zavatra akaiky an' ilay miteny, na eny an-tànany mihitsy aza.

« **ireto** » : Enti-manondro zavatra na olona maro mitovy halaviran-toerana lazaina amin' ny "ito" sy "ity"

« **io** » : Enti-manondro olona na zavatra tokana izay akaiky nefa tsy voafaritra tsara ny halavirany

« **ireo** » : dia mitovy amin'ny « io » fa milaza zavatra na olona maro.

« **itsy** » : Enti-manondro zavatra na toerana iray izay akaiky nefa somary an-tsisintsisiny

« **iretsy** » : dia mitovy amin'ny « itsy » fa milaza zavatra maro.

« **irỳ** » : Enti-manondro lavitra fa taza-maso tsara

« **irerỳ** » : dia mitovy amin'ny tondroin'ny « irỳ » fa zavatra maro ;

« **iny** » : Enti-manondro olona na zavatra tokana lavitra dia lavitra, zara raha taza-maso

« **ireny** » : dia mitovy amin'ny « iny » fa milaza zavatra maro

« **itony** » : mitovy hevitra amin'ny « ito » na « ity » fa milaza zavatra faobe [généralité]

« **irony** » : Enti-manondro olona maro tondroina an' eritreritra (faobe) [généralité]

1.2.d. Fenoy ny banga

Ohatra : Sasao vilia (maro, tsy voafaritra tsara) ireo rankizy vao mandeha milalao hianareo.

→ Valiny : Sasao **ireo vilia ireo** rankizy vao mandeha milalao hianareo.

- Rehefa milalao isika dia tsy mahazo mivoaka an'..... faritra (tokana, akaiky) ito.

- Misy ilankiraroambany latabatra (tokana, akaiky somary atsisiny) itsy.
- An'izaakanjo (maro, akaiky) miparitaka eran'ny trano ireto ? An'i Bozy (maro, lavitra dia lavitra) fa ny ahy efa mipirina.
- Njara : Nahita vola aho. Henintsoa : Ento aty (tokana, lavitra) fa volako.
- (tokana, anaty tàmàna) ilay boky nolazaiko anao omaly.

1.2.e. Manaova fehezanteny misy mpisolo manondro

Ohatra : Mba ento aty amiko itsy fanjaitra itsy azafady.

.....

.....

.....

.....

.....

.....

.....

.....

.....

.....

1.3. Ny mpisolo manolotra (indro, indreo, injao, injany, ...)[*pronoms présentatifs*]

Ny mpisolo manolotra dia sokajin-teny entina manolotra [*pour introduir*] olona na zavatra, izay hita maso, na heno [*que je viens d'entendre*], na manimbolo [*que je flaire*] ; na toe-javatra hoavy izay azo antoka ny fahatanterahany.

1.3.a. Fahazahoan-kevitra

« Injany! misy feon'ny miantso mafy any an-efitra hoe: Amboary ny làlan'i Jehovah, ataovy mahitsy ny làlan-kalehany » (Marka 1.3)

« Ary, indreo, nisy jamba roa lahy nipetraka teo amoron-dàlana (...) » (Matio 20.30)

« Ary raha mbola nandinika ny lanitra izy ireo tamin'ny nandehanan'i Jesosy, indreo, nisy roa lahy teo anilany niakanjo akanjo fotsy. » (Asan'ny Apostoly 1.10)

« Ary nony reny fa, injay! Jesosy avy any Nazareta, dia niantso izy ka nanao hoe: Ry Jesosy, Zanak'i Davida ô, mamindrà fo amiko! » (Marka 10.47)

« Ary, indro, hitoe-jaza hianao ka hiteraka zazalahy, ary ny anarany dia hataonao hoe JESOSY. » (Lioka 1.31)

« Ary, indro, Elizabeta havanao dia efa mitoe-jaza koa, na dia efa antitra aza; ary efa mandray enina izy izao, izay natao hoe momba. » (Lioka 1.36)

1.3.b. Fisokajiana ny mpisolo manolotra

Miankina amin'ny hoe : hita maso sa heno fotsiny, lavitra sa akaiky.

	Hita maso		Heno
	Tokana	Maro	
Akaiky voafaritra	Indro, intỳ	Indreto	
Somary akaiky voafaritra		indreo	Injao, injay
Lavidavitra	Intsy	indretsy	
Malalaka	Iny	indreny	
Lavitra	Indrỳ	Indrerỳ	Injany

1.3.d. Fenoy ny banga

Henoy ! (indro/injany) ny feon-dakolosy. Mirava ny mpianatra.

Nanatona ilay mampianatra ny talen'ny sekoly ary hoy izy : « (indro/indreo) ny mpianatrao ramose. »

..... (injay/indrỳ) koa ilay feo henoko omaly.

Manao ahoana i Liva. (intỳ/ indreto) izahay hiresaka aminao.

..... (intỳ/Injao) misy sary kely atolotro ho an' i neny.

1.3.e. Mamorona fehezanteny misy mpisolo manolotra

.....

.....

.....

.....

.....

.....

.....

.....

.....

.....

.....

.....

.....

.....

.....

.....

.....

.....

.....

.....

.....

.....

.....

1.4. Ny mpisolo tena (izaho, ianao, izy, ...) [les pronoms personnels]

Ny mpisolo tena na [pronoms personnels] :

1.4.a. Fahazoan-kevitra

Mpianatra rehetra : « Manao ahoana Ramose »

Ramose Solo : « Manao ahoana daolo ianareo »

Ramose Solo : « Izaho no mpampianatra Malagasy anareo amin'ity taona ity. »

Ramose Solo : « Hifanena matetika isika mandritra ny taona »

Ramose Solo : « Iza no anaranao ? »

Jade : « Jade no anarako Ramose »

Ramose Solo : « Mankanesa aty aloha ianao ry Jade »

Ramose Solo : « Izy no Jade rankizy »

Ramose Solo : « Miray kilasy aminareo izy manomboka izao. »

1.4.b. Fanazavana

1) **izaho/aho** = Je

Ohatra : Miteny aho / Izaho no miteny (*Exemple : Je parle/C'est moi qui parle.*)

2) **ianao**= tu

Ohatra : Nianatra ianao / Ianao dia nianatra. (*Exemple : Tu as travaillé.*)

3) **izy** = il, elle

Ohatra : Mampiditra ny kirarony izy. (*Exemple : Elle a mis ses chaussures.*)

(*Mettre, poser* : mametraka, mampiditra)

4) **isika/izahay** = nous

Ohatra 1: Hivavaka isika. (*Exemple 1 : Nous allons prier.*)

Ohatra 2 : Hoavy tsy hoela izahay. (*Exemple 2 : Nous arrivons bientôt.*)

5) **ianareo** = vous

Ohatra : Miandry ny fiarabe ianareo. (*Exemple : Vous attendez le bus.*)

6) **izy ireo/ry zareo** = ils, elles

Ohatra : Afaka folo minitra ry zareo no ho tonga. (*Exemple : Ils arrivent dans dix minutes.*)

1.4.d. Fanazarana

a) Tadiavo ny valiny marina

- Milalao baolina ry Koto sy Lita (izy/ry zareo)
- Miomana ny handeha any ampiangonana ny ato antrano rehetra (izahay/isika)
- Feno olona ao an-trano ka lasa nivoaka i Mahery (izaho, izy)
- Ho avy tsy ho ela (aho/izaho) hoy i Soa mantsy anay teo.
- Miverana aty (ianareo/isika) hoy ny renin' izy ireo nikikiaka mafy.
- Izany ka feo hoy (izahay/izy) raha vao nahare ilay mpihira Malagasy.

b) Manaova fehezanteny misy mpisolo-tena

.....

.....

.....

.....

.....